

A Ny Rivotra 4. Apokalypsy 7:1-3.

- ❖ Amin'ny faminiana, ny rivotra dia maneho ady eo amin'ny samy firenena (Daniela 7:2). Azon'Andriamanitra ampiasaina izy ireny mba hanatanterahany ny fitsarany (Jeremia 51:1).
- ❖ Tsy avelan'Andriamanitra hanapatra ny heriny mamotika Satana raha tsy voaisy tombo-kase aloha ny vahoakan'Andriamanitra (Ezekiela 9:1-11).
- ❖ Ampiasaina ny tombo-kase ho mariky ny fananan'Andriamanitra (2Tim. 2:19). Voaisy tombo-kase amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny vahoakan'Andriamanitra nandritra ny tantaran'ny zanak'olombelona (Efesiana 1:13-14).

B Ny 144 000 voatombo-kase. Apokalypsy 7:4-8.

- ❖ Ny 144 000 dia isa ara-tandindona. Raha ara-bakiteny io isa io, dia ho lehilahy Jiosy toka-tena tsy mbola nanota mihitsy ny 144 000. Tsy misy velively izany, raha araka ny filazan'i Paoly (Romana 3:23).
- ❖ Ny 12x12 dia maneho ny vahoakan'Andriamanitra nanomboka tany amin'ny Testamenta Taloha ka hatramin'ny Testamenta Vaovao. Ny 1 000 amin'ny literatiora Hebreo dia entina maneho isa mitovy amin'ny “marobe” (Deo. 32:30; 1Sam. 18:7; Isa. 60:22).
- ❖ Ny fokon'i Dana dia tsy voaisa noho izy nanompo sampy (Mpitsara 18). Nosoloina an-drainy Josefa i Efraima, noho ny fanompoan-tsampiny koa angamba (Hosea 4:17).

D Olona betsaka tsy tambo isaina. Apokalypsy 7:9-17.

- ❖ Eo amin'ny andalana hafa, dia naheno i Jaona vao nahita (Apok. 1:10, 12; 5:5, 6; 9:6, 7). Nahita ireo voavonjy rehetra i Jaona.
- ❖ Ireo farany tamin'izay voatombo-kase dia anisan'ireo, vondron'olona fantatra amin'ny hoe “ny 144 000.” Hiaraka handray ny valisoany ny voavonjy rehetra (Hebreo 11:39-40).
- ❖ Eo anatrehan'ny seza fiandrianana sy eo anoloan'ny Zanak'ondry ireo satria “nanasa ny akanjony sy namotsy azy tamin'ny ran'ny Zanak'ondry.” (Apok. 7:14)
- ❖ Efa niady ny adin'ny finoana izy ireo, saingy afaka mijoro eo izy ireo satria nandray ny fahamarinan'i Kristy tamin'ny alalan'ny fahasoavana.

E Voaloham-bokatra tsy voaloto. Apokalypsy 14:1-4.

- ❖ Amin'ny andro farany, ireo vondron'olona ireo dia tsy ho voaloton'ny fiangonana mihemotra. Ary raha toa ka ao amin'i Babylona izy ireo ankehitriny, dia hiala tao izy (Apok. 18:1-4).
- ❖ Izy ireo no voaloham-bokatra, ny vokatra tsara indrindra izay atolotra an'Andriamanitra (Nomery 18:12).
- ❖ Vondron'olona manokana izy ireo satria dia hovana tsy handalo fahafatesana amin'ny Fiavian'i Kristy.

F Tsy nisy lainga sady tsy manan-tsiny. Apokalypsy 14:5.

- ❖ Tsy hoe tsy nanota mihitsy izy ireo, fa ireo penti-pahotana rehetra dia efa voafafa avokoa satria efa “nanasa ny akanjony... tamin'ny ran'ny Zanak'ondry” izy.
- ❖ Tsy manan-tsiny toa an'i Abrahama sy Joba izy ireo (Genesisy 17:1; Joba 1:1). Teo amin'ny taranaka nifandimby, dia nanana lehilahy sy vehivavy izay anisan'ny fiangonana “tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny” (Efesiana 5:27) Andriamanitra.
- ❖ Afaka ny ho anisan'io vondron'olona io koa ianao.